


ALAHADY - EPIFANIA - TAONA A



IZAO TONTOLO IZAO NO IRIN'ANDRIAMANITRA HO EGLIZY FIANAKAVIANY

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny fankalazana ny Noely Andriamanitra eto anivontsika isika izao ary izany rahateo ny lohahevitra entintsika mamakivaky an'izao taonan'ny fandalinam-pinoana hibandinantsika an'i Jesoa Mpiarabelona amintsika miara-dalana amintsika.

Izao fankalazana ny Epifania Andriamanitra miseho eo anivon'izao tontolo izao dia mampibaribary amintsika ny hoe Andriamanitra eto anivontsika. Raha mankalaza an'izao Epifania izao isika dia

mankalaza ny lahatr'Andriamanitra hatramin'ny voalohany dia izao tontolo izao irin'andriamanitra ho Eglisy fianakaviany, ho olo araiky aoaminy.

Ny Epifania no mampiseho amintsika izany vaovao mahafaly lehibe izany. Ireo majy izay tonga nitsaoka an'i Jesoa zazakely ilay mpanavotra dia maneho amintsika

an'izany vaovao mahafaly izany. Na dia maro samy hafa aza ny toetrantsika olombelona, na dia samy manana ny fiaviany aza isika dia noharian'Andriamanitra ho olo araiky ao aminy ary izany no hasambarana ho antsika sy sitrak'Andriamantra hatramin'ny voalohany raha nahary atsika izy.

Vakiteny I : Iz. 60, 1-6

Tononkira : Sal. 71,

Vakiteny II : Efezianina 3, 2-3a. 5-6

Evanjely : Mt. 2, 1-12

Ny vakiteny voalohany ao amin'i Izaia (Iz. 60, 1-6) manambara amintsika ny fahazavan'ny Tompo ary miantso ny vahoaka rehetra ao Jerosalema izy izay tanànan'ny fiadanana. Enga anie mba ho izany tokoa ny tanànantsika tsirairay, ary ho toy izany koa ny fianakavianntsika. Ho tanteraka izany raha misokatra ny fontsika ka mampiroso atsika mamonjy an'i Jesoa ary izy no mandray atsika ka hiposaka amintsika tokoa ny fahasoavana sy ny fahazavan'ny Tompo satria izany no sitrak'Andriamanitra sy irina ho antsika rehetra amin'izao taona vaovao sy handalinantsika an'i Jesoa Mpiarabelona amintsika miara-dalana amintsika.

Aoka ho fantantsika fa miankina amin'ny fontsika sy ny fahavononantsika (conviction) izany rehetra izany. Araka ny fampianarana ao amin'ny Evanjely (Mt. 2, 1-12) androany tantaran'ny majy. Nitady an'i Jesoa izy ireo na ny marimarina kokoa nitady an'izay marina izy ireo. Ary ny marina no maha olona afaka. Tonga tao amin'ny Heroda izy ireo ka nanontany nanao hoe: "Aiza ilay Mpanjakan'ny Jody vao teraka? fa efa nahita ny kintany tany Atsinanana izahay, ka nankaty mba hitsaoka Azy". Raha nahare izany i Herôda mpanjaka, dia taitra izy, rakotry ny avonavona sy ny fialonana ny fony ka tsy nahita ny marina izy.

Aoka ho fantantsika fa sarotra ho an'i Jesoa no miditra amin'ny fon'izay feno avonavona na fialonana. Io izay lazain'i Papa Ray masina matetika hoe raha fo feno "bazary" izany hoe feno zavatra mifangaro maro samy hafa ny fontsika dia tsy afaka hidiran'i Jesoa satria efa feno ny fo tahaka ny fon'i Heroda, feno ny fony ka tsy nahazo ny dikan'ny hafatra nentin'ireo majy izy. Toy izany koa ho an' izay feno fieretreretana maro isankarazany. Ny mpanetry tena kosa dia afaka mandroso ao aminy i Jesoa.

Ilay kintana dia ny fampianaran'ny Eglisy, fanilon'ny fanahy masina izay manoro antsika mandrakariva ny lalana ka hahatonga atsika ao amin'i Jesoa, mba hahatonga atsika ho fianakaviamben'Andriamanitra. Izany no nataon'ireo majy, nanaraka ny kintana izy ireo ka nahita an'i Jesoa ary dia niankohoka izay midika fiekkempinoana. Nanaiky izy ireo fa Andriamanitra eo anivontsika i Jesoa na dia fantantsika fa ny majy dia ireo izay manam-pahaizana indrindra tamin'izany andro izany.

Matetika isika manontany hoe ahoana no hahafantarana fa manam-pinoana, ahoana no hahafahana milaza fa mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika. REHEFA ISIKA MAHAFOY. Nahafoy ireo majy, izay tena sarobidy tamin'izy ireo no nafoiny ho fanomezana ho an'i Jesoa rehefa nifankahita taminy. Raha mahafoy isika dia manambara fa velona ny finoantsika ary mahafoy ny tena sarobidy indrindra. Izany ny vokatry ny fandalinam-pinoana ho antsika amin'izao taona hibandinantsika an'i Jesoa eo anivontsika izao. Raha mahafoy isika, mahafoy ara-tsaina, ara-panahy ary ara-nofo ary anatin'ny fanetrentena izany.

Tsy niverina tany amin'ny Heroda ireo majy nilaza fa nahita ny Tompo fa tanatin'ny fanetrentena izy ireo no niverina any amin'ny tany niaviany.

Ny fahafoizana ataontsika dia manambara fa mandray an-tànana isika. Izao tokoa ny fotoana andraisantsika an-tànana ny Eglisy amin'ny alalan'ny hasim-pinoana. Katolika ny finoantsika ka manome hasina ny finoantsika isika amin'ny alalan'ny fahafoizana ka atolontsika arak'izany hasim-pinoana izany.

Ny finoana tahaka an'ireto majy ireto dia manamasina, miverina ao anatin'ny fahamasinana ireo majy ireo. Làlan-kafa no nalehany hoy ny Evanjely izany hoe tsy làlan'ny avonavona. Nety nanana eritreritra izy ireo hirehareha noho ny fahaizany fa làlan-kafa kosa no nalehany ka nody any amin'ny fonenany izy nanambara ny voninahitr'Andriamanitra.

Koa tsy entintsika hirehareha ny fahafoizana izay manambara fihavaozana ao amintsika. Taona vaovao hitondra fiadanana eo anivantsika anie ity taona ity. Izany no ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa rehefa tanteraka tokoa izay fihavaozana izay ka i Jesoa eo anivon'ny fiainantsika, miara-dàlana amintsika ka eo anivon'ny fiainantsika manontolo izy, amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no fiainantsika. Hoy i Md Paoly "Ny Jentily dia tonga iray lova sy iray tena ary mpiombona ny fampanantenana amin'ny Jody ao amin'i Kristy Jesoa, noho ny ninoany ny Evanjely"

Ny jentily izay tsy mpino dia tonga mpino iray lova satria samy mahafoy ao amin'Andriamanitra. Izany no ankalazantsika amin'izao Epifania izao, olo araiky amin'Andriamanitra isika, olo araiky mahafoy ho an'ilay tonga nahefay ny maha Andriamanitra azy, nataony tsinontsinona ny maha Andriamanitra azy mba hamonjena atsika, handray azy tokoa isika ary izy miara-dàlana amintsika mba hahatonga atsika ho ao anatin'ny fiadanana sy fahamarinana, fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ary izany no tena fihavanana marina andrandraintsika matetika.

Raha i Jesoa eo anivon'ny fiainantsika, miara-dàlana amintsika dia ho tanteraka tokoa izany fampihavanana izany.

Ry Jesoa Tompo ô , enga anie izahay hanova ny fonay handray anao. Hiala amin'ireny bazary maro mamatopatotra ny fonay ireny ka hiombona bebe kokoa aminao, hiara-dàlana aminao. Ianao anie hanilo ny fiainanay ka hahatonga anay ho fahazavana. Ary indrindra hahafoy izahay ao anatin'ny fanetrentena, tsy ho fireharehana ho anay fa ho hanomezam-boninahitra anao eo anivon'ny fiainanay andavanandro. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson